

Fandraisana anjara miaraka ho fanatsarana ny karazana Apemba sy Bajiry

# Torolalana momba ny fijinjana ny andrana amin'ireo karazana apemba na bajiry izay atao eny anivon'ny saha tantsaha miaraka amin'ireo tantsaha mpamokatra

© vomBrocke

## Rafim-pihotazana

Ireo tantsaha mpanandrana mitovy toeram-pamokarana sy ny teknisianina dia mila mifanaraka amin'ny datin'ny fijinjana mba amin'ny fotoana mety amin'ny tsirairay ary efa mba ho samy matoy tsara daholo ireo karazana rehetra. Raha toa hita fa misy karazana efa matoy miavaka amin'ny rehetra dia zaraina roa ny fotoam-pijinana. Mila olona manara-maso fara keliny iray miandraikitra mandritra ny fotom-piotazana. Izay mety ho teknisianina na koa tantsaha mpanentana manana traikefa tsara amin'ilay asa.

## Fanomanana ny kitapo(gony) fijinjana sy etikety

Zava-dehibe ny manomana ny kitapo sy ny etikety alohan'ny hanombohan'ny fotoam-pinjinjana sy alohan'ny handehanana eny an-tsaha. Manomana kitapo mifanaraka amin'ny refin'ny isaky ny faritra hojinjaina . Soratana isaky ny kitapo izay ahitana laharan'ny valatahalaka sy ny anaran'ny karazan'ny bajiry nonjijana. Etikety plastika na lamba no anoratana ary apetaka isaky ny kitapo. Na izany anefa asina etikety taratasy tsotra ihany ao anatiny kitapo mba ho fiarovana.

> *NB : Rehefa manoratra amin'ny kitapo na ny etikety dia tsara kokoa ny mampiasa marika maharitra miloko mainty satria hita fa ny loko hafa dia tsy mazaka ny taratry ny masoandro sy ny fifampikasohana.*

## Fampahafantarana ireo andrana sy ny dingana arahina amin'ny fijinjana.

Mba hampirindra araka ny tokony ho izy ny fijinjana dia mila mahazo ny firafitry ny andrana sy ny fomba fijinjana ny olona rehetra voakasika. Mba hanantanterahina izany, ny mpiandraikitra ny asa dia mampahafantatra ny andrana sy ny asa ataon'ny ekipa mpijinja. Eo ihany koa ny fanondrona ny habe sy ny firafitry ny valatahalaka.

## Dingana arahin'ny amin'ny fijinjana

- **Famantarana ireo fototra manara-tsipika hojinjaina sy ny fanisana fototra**

Apetraka eo anelanelan'ireo fototra manara-tsipika hojinjaina ny kitapo. Hamarinina amin'ny kahie torolalana arahina ny isan'ny tsipika ho hojinjaina (ohatra raisina ny ny lavaka voalohany sy farany , misy na tsia ny fotra eo ami'ny tsipika roa amin'ny sisiny). Amin'ireo tsipika voakasika ireo dia isaina ireo fototra azo jinjaina ,farafakelin'ny misy fototra iray azo jinjaina. Ary marihana aminy etikety eo amin'ny kitapo ny isany. Anjara asa ny mpiandraikitra io asa io saingy afaka ampian'olona izay atokisana mahavita azy tsara.

- **Fijinjana salohy**

Ireo salohy rehetra misy voa amin'ny fototra manara-tsipika rehetra voakasika dia jinjaina avokoa na ireo simba aza. Ny salohy dia tapahana mitovy araky ny tonony sy ny foton'ny salohy. Angonina anaty gony mba hanisana azy. Matetika misy salohy adino latsaka miaraka amin'ny taho eo amin'ny tany tamin'ny fotoana fahamasahany. Ny mpiandraikitra dia tsy maintsy manara-maso tsy tapaka ary miantoka fa ny ekipa mpijinja dia mitandrina tsara mba ialana amin'ireo salohy adino.

- **Fanisana ny salohy voajinja sy ny fanombanana ny simba ( fepetra 3)**

1. Fitambaran'ny isany salohy voanjinja : ny salohy rehetra nojinjainna tsy ankanavaka anatin'ny valatahalaka madinika.
2. Fanasokajiana sy fanisana salohin'ny fototra hafa karazana(hors-type) : Ny salohin'ny fototra hafa karazana dia ireo salohy tsy mifanaraka aminireo karazana voly andrana. Tsy maintsy avahana ary isaina avy eo. Ao aorian'ny fanisana ireo salohin'ny fototra hafa karazana dia atokana tanteraka ary avela eo am-pelatanan'ny mpamokatra mpandray andrana.
3. Fanasokajiana sy fanombanana ireo salohy nanakofa : Ny isan'ireo salohy nanakofa dia fitambaran'ny ampahany amin'ny sampan-tsalohy manakofa (=voa tsy ampy) amin'ireo salohy voakasikiny fahasimbana nateraky ny biby mpandrava voly. Izay mifanohitra tanteraka amin'ny salohy «hors type , Ireo salohy nanakofa dia jinjaina miaraka amin'ny rehetra. Ohatra : Raha misy valatahalaka iray nojinjaina ka nahita salohy roa nanakofa amin'ny ampahany 50% sy nanakofa tanteraka dia isaina ho nanakofa tanteraka ireo salohy roa.

> *Nb : Aorian'ny fanisana tsirairay dia soratana avy hatrany eo amin'ny etiketin'ny kitapo ireo isa azo.*

> Alohan'ny fijinjana, ny mpamokatra dia efa mahita ny fahasamihafan'ireo karazany voly andrana toy ny toetoetran'ny salohy, vokatry ny fanafihan'ny bibikely na ny aretina sns . Anisan'ny zava dehibe ny fahaizana mijery ireo fahasamihafana ireo miaraka amin'ny fandrefesana na fanamarihana voafaritra tsara.Ny fanombanana ny toetoetran'ny salohy sy ny tombamaso ny vokatra dia tsara atao rehefa tapaka daholo ny salohy sy efa natao anaty gony. Ny taratasy fanaraha maso izay efa feno tsara dia tsy maintsy tazomin'ny mpiandraikitra ny fijinjana.

- **Fikarakarana ny salohy sy ny etikety amin'ny kitapo**

Rehefa vita ny fanisana sy ny fanarahamaso ary ny fanalana ireo « hors type » dia atao anaty kitapo mifanaraka aminy ireo salohy voajinja hafa. Ny mpiandraikitra ny fijinjana dia mila manamarina ny fisian'ny etikety ao anatiny sy etikety mipetaka tsara eo amin'ny kitapo alohan'ny hanidiana azy. Avy eo dia mandray antsoratra ireo rehetra hita eo amin'ny etikety ao anatin'ny kahien'ny andrana. Amin'ny fiafaran'ny asa dia angonina amin'ny toerana iray akaikiny saha ireo kitapo. Ny tompon'andraikitry ny fijinjana ny miantoka ny fahafenon'ireo kitapo ireo. Ny mpamokatra mpandray andrena kosa no tompon'andraikitra amin'ny fitaterana ,fanamainana ary fitehirizana ny vokatra hatramin'ny fikapohana azy.

## Ny fananterahina fandanjana

Ho an'ity dingana ity dia misy safidy roa azo atao :

| **Safidy voalohan'ny :** Fanamainana alohan'ny fikapohina sy fandanjana | **Safidy faharoa :** fandanjana salohy alohan'ny fanamainana. |
|---|---|
| **Fanamainana amin'ny masoandro** atao amin'ny toerana talaky masoandro sy rivotra , eny akaikin'ny fonenan'ny mpamokatra ny kitapo misy salohy mandritra ny telo herinandro eo ho eo. Ilaina avadibadika ny kitapo ary atao antrano na trano fitehirizam-bokatra raha sendra misy orana na fanala be mandritra ny alina. Ezahina sorohina ihany koa ny fahasimbana ateraky ny biby ny sns.<br><br>**Fikapohana :** rehefa tena maina ny voa (mikarepoka tsara),velesina ao anaty kitapo tsirairay ny salohy avy eo diovina amin'ny rivotra.<br><br>**Fandajana :** Aleo mampiasa mizana mihantona mampiseho tarehimarika(ambony indrindra 50 kg, kely indrindra 0.1 kg) izay ahantona amin'ny sampan-kazo. | **Fandajana salohy** dia atao avy hatrany aorian'ny fijinjana amin'ny fampiasana mizana mihantona.<br><br>**Fivelesana sationan-tsalohy** maka salohy 20isa amin'ny habe rehetra sy jerena avy hatrany ny tahan'ny hamandoanan'ny voa amin'ny alalan'ny fitaovana fandrefesana hamanodoana entin-tanana (humidimètre portable). Ny lanjan'ny voa dia ahitsy amin'ny votoatin'ny rano (14% ho an'ny ampemba ) dia hapetraka miaraka amin'ny fampitoviana etsy ambany :<br><br>***Lanjan'ny voa=lanja mando ny salohy*0,8*(100-tahan'ny hamandoana)/(100-14)***<br><br>Ny 0,8 dia mifanandrify amin'ny salan'isa lanjan'ny voa/lanjan'ny salohy ampemba( tarehimarika azo ahitsy arakaraka ny voly). |